
**savoir sans frontières**

Jean-Pierre Petit

# 80 MINITRA HITETEZANA IZAO TONTOLO IZAO



Nandika teny : Tantely RANDRIAMITANTSOA

http://www.savoir-sans-frontieres.com

# NY TOSIKA ATERAKY NY FIOTA


(LA PROPULSION PAR REACTION)

Ity dikan-teny ity dia natao ho azon'ny olon-drehetra ka niezahana nahena ireo voambolana siantifika saro-pantarina novolavolain'ny Fanagasiana





INY INDRAY NO TSY HITAKO....
TOY NY BAOLINA ABONTSINA SY AVELA HANIDINA ILAY IZY FA NY BAOLINA FOTSINY NO VETIVETY DIA LANY HERY
METY HISY ARY VE NY HAINGAMPAHANDRO MANIDINA? TSS... MAVESATRA LOATRA IZANY
FA NY HEVITRA ANGAMBA DIA HOE MISY ANGOVO AMPIDIRINA AO AMIN'NY TOERENA MIHIBOKA ANANKIRAY ARY AVELA HIVOAKA AMIN'NY LAVAKA KELY IZY AVY EO
TSI-POAPOA KA
KAPOAKA VIFOTY (OVOMALTI NE)
ATAO ANATY KAPOAKA MIHOHOKA ILAY TSI-POAPOAKA
TSSS....


OAY LEITY E! IZANY VE TSY TAFAKATRA ROAPOLO METATRA FARAFAHAKELINY?
PAAA
TRATRA NY TANJONA FA METY HANDRATRA IO ZAVATRA IO
ARY RAHA NY ANGOVO AO ANATIN'NY AFOKASOKA IRAY FOTSINY MOA NO AMPIASAIKO?
DIA HOSAROMANA INONA ANEFA INY?
ITY SARONA BOATIN'YAOURT ITY NO NDEHA HOFISAHAKO AMIN'NY HOHO KA HAMPIASAIKO
KA HANGALAKO MAHITSIZORO 2sm/5sm IZY
DIA NATAON'I ANSELME MANODIDINA NY LOHAN'AFOKASOKA ILAY MAHITSIZORO SADY NOFEHEZINY MAFY TSARA



DIA AHOANA INDRAY IZAO NO HANIDIANA NY TENDRON'ITO?
DIA NOTAPAHIN'I ANSELME NY TENDRON'ILAY METALY KA NAMELANY 1 sm
ARY NAFORITRANY SY NOKAIKERINY TSARA ILAY TENDRONY
FLUO MACHIN
TOY NY HITA AMIN'IRENY FAN-DIOVA-NIFY IRENY E
METY TSARA ALOHA HATREO. FA AHOANA INDRAY NO HANDRE-HETANAO AN'INY AFOKASOKA INY IZAO?
MARINA IZANY...
IZANY MANDREHITRA IZANY ANIE RY ZAREO KA TOY NY MANOME HAFANANA AMPY TSARA FOTSINY E.




DIA NANAMBOATRA ANANKIRAY HAFA TOY NY TEO ALOHA INDRAY I ANSELME KA...

(*)










(*) HATRAMIN'IZAO DIA VALO METATRA NO TODY ALAVITRA INDRINDRA ERAN-TANY

# FIOZE VANJA



ITO MISY FIOZE VANJA. NDAO JERENA RAHA MITOMBINA NY TEORIAKO
DIA NOTSOFAIN'I LANTURLU MORAMORA NY VODIN'ILAY FIOZE
FTSAFFF
JEREO ANIE RY MAX E! NESORIKO ILAY VODINY MAHIAHIA SY MIHIDIHIDY FIVOAHAN-DRIVOTRA INY KA TSY AFA-MANIDINA INTSONY ILAY FIOZE
KELIKELY KOKOA NY TSINDRY SY NY HAFANANY KA LASA MIADANA NY FIREHETANY ARY MIALA TSIMORAMORA NY RIVOTRA. IZAY NO TSY MAHALASA LAVITRA AZY.


ANGAMBA RAHA HOTSENTSE-MAKO TANTERAKA ITO LAVAKA ITO DIA HIAKATRA NY TSINDRY SY NY HAFANANA KA HIKORON-TANA SY HIPOAKA NY FIOZE
PA!
TENA IZAY TOKOA!
TAFAKATRA 300 METATRA ILAY FIOZE. FA TOA MAVESATRA IHANY IZY. MBOLA MATEVINA LOATRA NY BAORITRA NAMPIASAIKO.
ZAVATRA MANI-FINIFY KOKOA AMPIASAINA
PA!
MAFIMAFY IHANY ILAY IZY FA TSY NAHALEO NY HAFANÀNA NAVOAKAN'NY FIPOAHANA KA NIREHITRA


TSOTRA FOTSINY!INY VANJA INY IHANY NO NDEHA HAMPIASAIKO HIAROVANA NY SISIN'NY FANTSONA
VAINGAM-BANJA
FIAROVANA AMIN'NY HAFANANA
FANDOROANA EO ANIVON'NY FANTSONA
TAKELAKA METALY
VAVA-DIDY MAHATANTY HAFANANA


MANDEHA TSARA. EFA ROA KILAOMETATRA SAHADY NY HAAMBONY
OADRAY, MBOLA NIPOAKA HATRANY IZY NEFA NY VANJA TSY LANY TSARA
OAY!NETY TSARA ANEFA ILAY IZY TEO.FA INONA INDRAY NY OLANA E?


AO ANATY FIOZE VANJA DIA MIFANENTANA AMIN'NY VELARAN'NY VOHOM-BANJA EO AN-DALAM-PIREHETANA NY TSINDRY MIASA
HO AN'NY SIGARA ANEFA DIA TSY MIOVA IO VELARANA IO
AO ANATIN'IO RAFITRA IO DIA MITOMBO ARAKARAKA NY EFITRA POAK'ATY NY VELARAM-BANJA VOADORO, ARY DIA IZAY NO MITER-AKA NY FIPOAHANA FARANY
TENA TSISY HEVITRA!
SA...HITAKO!
NDEHA HANAMBOATRA FANTSONA KELY MIENDRIKA KINTANA
TATATRA IVONY
VANJA
IZANY NO NATAO DIA MBA HITAZONANA NY VELARAM-BANJA, IZANY HOE TSY HAMPI-OVAOVA NY VELARANA VOADORO


RAHA LEHIBE DIA LEHIBE ILAY FIOZE DIA TSY METY LASIRINA HO VONGANA IRAY NY VANJA. IZANY HOE TOKONY HANAKAMBANA SINGA MAROMARO
ILAY AFO NIREHITRA AVY AMIN'NY KILEMAN'NY TAKOM-BITRANA IRAY NO NAHATONGA NY FAHAVEREZAN'NY SAMBONDANITRA AMERIKANA IRAY
TAKOMBITRANA MALEFAKA
NEFA AHOANA NY FOMBA HANAJANONANA NY AFO REHEFA NIREHITRA INY NY VANJA?
O*
FTSAFFF!
TENA AZO ATAO TOKOA NY MARAHAMASO SY MANAMARINA NY FOTOANA FANDOROANA IREO TSIPY. ARAKA NY FOMBA MAHAZATRA, DIA ESORINA NY TAKON-DRIVOTRA MBA HANDOSIRAN'NY ENTONA,KA HIDINAN'NY TSINDRY AO AN'EFITRA, ARY IO NO MAMONO NY AFO

# FIOZE MANDEHA AMIN'NY RANOKA FANDORO




ДА..
TSING
VAVA-DIDY INOX MIEN-DRIKA TANDROKA (SOVIETIKA)
FAMPANGATSIAHANA NY RAFITRA IRAY MANONTOLO (ETAZONIA)
FAMPANGATSIAHANA NY ATINY AMIN'NY ALALAN'NY OKSIZENA MITSIRANOKA (FITSEM-BOHANA) (FRANTSA)
TOY IZAO ARY NY VOKATR'IREO MOTERA "ARY FOMBA" IREO
WHAT !?
СТО !
AMIN'IO MBOLA NANANOSAROTRA KOA NY FANAMBOARANA AZY AN!


NY TENA TSARA DIA NY FANAKAMBANANA HIDROZENA SY OKSIZENA. IZAY HONO NO MANDAITRA INDRINDRA
MARINA IZANY NEFA TSY HITSIRANOKA NY OKSIZENA RAHA TSY -270 DEGRE . DIA MBOLA HANANOSAROTRA KOA NY HIPAOMPY FLOIDA MANGATSIAKA BE TOY IZANY
TSY HITANAREO HOE MANDOTO RIVOTRA VE IRENY FIOZE MANETROKA BE EO AM-PIAINGANA IRENY?
ENY E, NEFA RAHA OKSIZENA SY HIDROZENA NO AKAMBANA DIA MANOME INONA?
RAHA NY TOKONY HO IZY... ANDRASO HOE...MANOME OKSIDAN'HIDROZENA
RAHA TSORINA DIA HOE MANOME RANO!
?!?


ARY NOHO NY RANO TSY MANDOTO TONTOLO IAINANA DIA IZY ANGAMBA NO HAMPIASAINA HANDEFASANA ...FIARAMANIDINA ANY AORIANA ANY!
NY FIOZE VANJA ANGAMBA NO MORA AMPIASAINA INDRINDRA SADY TSOTRA KOKOA NY FITEHIRIZANA VANJA NOHO NY RANO
IZAY NO ITIAVAN'NY MIARAMILA AZY SAINGY NOHO NY TAHOTR'IZY IREO DIA TSY AO ANATINY FA ANY IVELAN'NY SAMBO MPISITRIKA NOKLEARY NO ANDEFASANY AZY
KANEFA KOSA NY FIOZE RANO NO AFAKA AREHITRA SY VONOINA ARAKA IZAY ITIAVANA AZY. NY VANJA MANTSY REHEFA IZAY DIA IZAY.
DIA IZANY FAHASAHIRANANA MAROBE IZANY RY IRETO NO NAHATONGA NY KARAZANA FIOZE HO MAROBE A!


# RAFITRA



IREO FANTSONA FANAMBOARANA FIOZE VANJA DIA TOKONY HO MAFY TSARA MBA HAHATANTY NY TOSIKA ATERAKY NY FIREHETANY. ANY AMIN'NY FIOZE RANO ANEFA IO TOSIKA IO DIA MIHATRA AMIN'NY TOBIN-DRANO FOTSINY KA NOHO IZANY DIA NATAO MAIVANA DIA MAIVANE TOKOA IREO TOBIN-DRANO IREO
MBA HITAZONANA NY MARI-DREFY FAMPIHENANA DIA NATAOKO TAMIN'NY FONON-TSOKOLÀ ITO TOBY KELY ITO.
RESAKA RESAKA FA NY TOBIN-DRANON'NY FIOZE ARIANE TOKOA ANIE KA 1,4mm FOTSINY NY HATEVINY E!
INY ARY FA HAPETRAKO NY RIHANA FARANY A!
EEEH! TANDREMO FA MIFORITRA IZAY IZANY!
NDAO INDRAY ARY HATSIVALANA ETO AMBONY LATABATRA E!
DIA MBOLA HIFORITRA IHANY IO FANTSONA IO FA TSY MAHAZAKA NY LANJANY IZY. NATAONTSIKA MANIFY LOATRA AGAMBA.


TIREZIASY A, KILALAO FOTSINY IO FA AMIN'NY TENA IZY ANIE KA ABONT-SINA SY ATOSIKA AVY ANY ANATINY ILAY FIOZE E.
HAY KOSA...
IZANY DIA MANAMBARA FA NY FITETEZANA NY LANITRA DIA NAMETRAKA OLANA MAROBE IZAY TSY FANTATRA AKORY AZA NY FISIAN'NY SASANY.

# TSOTRA, MORA...


ERAN-TANY NY FIOZE TSOTRA INDRINDRA DIA ILAY SEMIORKA NAMBOARIN'NY SOVIETIKA IRAY ATAO HOE KOROLEV
PERA TRA
VOALOHANY INDRINDRA DIA VOATSINJARANY TSARA IREO MPANELY NA BOOSTER EFATRA NAMPIASAINY KA LASA MIFANIZINA SY MAHAT-ANTY FIHOVITROVIRANA MBAMIN-DRIVOTRA MPANIMBA ILAY IZY RAHA EO AN-DALAM-PIAIN-GANA INY


PERATRA FANAMAFISANA
VATOFANTSIKA VITA AMIN'NY RIHIM-BATO
TEZA
IO PERATRA IO NO MIHARITRA NY TOSIKA REHETRA., ARY IZY KOA NO MIHAZONA ILAY FIOZE ALOHAN'NY HIAINGANY AMIN'NY ALALAN'IREO VATOFANTSIKA EFATRA. REHEFA HIAINGA IREO FIOZE 24 DIA MIALA TSIMORAMORA NY TOHANA AMIN'NY FAMPIDINANA NY VATOFANTSIKA HIODIDINA NY TEZA EFATRA
SAINGY INDRISY FA NISY MPANAMORY SOVIETIKA TELO MATY FA NISY SINIBENDRANOKA IRAY NISOKATRA TSY NAHY. NIVONTO NY VATAN'IZY IREO TRATRY NY TOSIKA SY NY FIPOAHANA ARY NANGOTRAKA MIHITSY AZA NY RÀ-NY

# SA VE NDEHA HASAROTINA IZY ITY?

NAMPITOMBOIN'NY AMERIKANA NY FAHAFAHANY MIBAIKO SY MANARAMASO NY FIOZEANY KA NAMPIASA SOLOSAINA EFATRA IZY HANAO IZANY ASA IZANY. NY TELO AMIN'IREO NO TENA MIASA FA ILAY IRAY HAFA KOSA MITILY IZAY HADALANA ATAON'IRETSY TELO IRETSY. INDRAY ANDRO ANEFA DIA IZY MPITILY INDRAY NO NANONDRANA KA TSY NAMELA NY FIOZE HANDEHA...






(*) AMIN'NY PSIKOLOJIA IZANY DIA ILAY FIHEVERANA HOE "TOA EFA NIAINAKO IZAO TOE-JAVATRA IZAO"

# NY FIVERENANA ETO AN-TANY





TOKONY HITOMBINA TSARA MANTSY IO LOHANY IO RAHEFA EO AM-PIDIRANA RAHA TSY IZANY DIA LOZA NO MIANDRY AZY
RAHA IO BAOLINA FAMPIASAN'NY SOVIETIKA IO ALOHA DIA TSY MISY OLANA MIHITSY E.
ITY ANANKIRAY ITY KOA (CAPSULE MERCURY, GEMINI, APPOLO) DIA TENA MANDAITRA RAHA AMBANY TSARA NY IVON-DANJANY
ELON'AINA
FITAOVANA ISAN-KARAZANY
FIAROVANA
FIOZE
INDRO ILAY SAMBON-DANITRA KELY MERCURY
FA NY TSY AZOKO DIA HOE AHOANA NO MAMPITSIN-GEVANA AZY SY TSY HIANJER-ANY REHEFA LANY NY RANOKA MAMPANDEHA AZY
NDEHA ALOHA AHO HILALAO BOWLING MBA HANALANA ADIN-TSAINA

# MIHO-DIDINA...


MAHAFINARITRA KOSA KOH! TOA TSY MIASA ILAY SINIBEN-DRANON'NY KAOMININA. METY HAHAFINARITRA IZAO NY MILALAO ETO AMIN'ITO TOERANA BORIBORY ITO AN!



METY HO TAFAVERIKO AMIN'NY TOERANA IAINGANY VE ITO BORIBORY ITO RAHA HAIKO TSARA NY MANDEFA AZY?


TAORIAN'NY FANANDRAMANA VITSIVITSY TSY NAHOMBY DIA...
IZAY FA HITAKO.


MIHODIDINA IO LAVAKA IO IZAO NY BAOLINAO. IZANY HOE MIFANDANJA TSARA NY FISINTONAN'NY TANY SY NY HERY MITARIKA AZY HO EO AFOVOANY
NY TIANAO HOTEN-ENINA IZANY DIA HOE IO HERY MISINTONA HO EO AFOVOANY IO NO MIHAZONA IREO
HERY MISINTONA HO EO AFOVOANY
HERIN-TANY MISIN-TONA (TANGENTIELLE)
IZANY INDRINDRA!
NEFA REHEFA MIAINGA ANIE NY FIOZE DIA TSY MANARAKA IO LAZAINAO HOE TANGENTE IO E. MIFAMPIJADONA AMIN'NY TANY AZA IZY, MANDEHA MIAKATRA.
MBA HIVOAHANY NY SOSON-DRIVOTRA FOTSINY IZANY FA AVY EO IZY MITONGI-LANA IHAY KA MANARAKA ILAY TANGENTE NORESAHINA TEO.




(*) 2,36 Km/s NY HAFAINGANANA ILAINA HANDEFASANA AZY RAHA AVY ENY AMIN'NY VOLANA



IZANY TENENINAO IZANY DIA MITOVY AMIN'ILAY ANTSOIN'NY VAZAHA HOE "VITESSE D4ORBITATION CIRCULAIRE" NA KOA HOE "PREMIERE VITESSE COSMIQUE" IZAY IRAY ALINA AVO HENY FOTSINY IZANY HOE 7,8 KILAO-METATRA ISAN-TSEGONDRA
RAHA AMBANY NY HAFAINGANAM-PANDEHAN' ILAY BAOLINA DIA HILATSAKA EO AMIN'ILAY TOERANA GOAKA IO IZY ARY AVY EO DIA HIJANONA TANTERAKA MIHITSY AZA.


TOY IZANY IHANY NY MANJO IREO ZANA-BOLANA SIMBA SY TSY MAHATRATRA NY 7,8 Km/s KA MILATSAKA ENY AMIN'NY RIHANA FANAMBANIN'NY SOSON-DRIVOTRA NA ATMOSFERA. EO INDRAY IZY DIA HO VOATOHINTOHIN'NY ATMOSFERA KA HIJANONA TANTERAKA.
NA IZANY NA TSY IZANY, TSY MAINTSY MILATSAKA EO AFO-VOANY EO FOANA ILAY BAOLINA SATRIA MIHORONGORONA NY LALANA ALEHANY ARY MIHENA HATRANY HATRANY NY FANDEHANY.
HO AN'NY ZANA-BOLANA DIA IO FIJANONANA IO NO FAHAFATESANY
FAHINY DIA TSY NORAHARAHIAN'NY MANAM-PAHAIZANA IO FIHENAN'NY HAFAINGANAN'NY ZANA-BOLANA IO FA TSY HITANY NY FIFANDRAISAN'IZANY TAMIN'NY ATMOSFERA
ARY DIA IZAY NO NAHATONGA NY FAHAVEREZAN'NY LABÔRATO-ARA AMERIKANA ATAO HOE SKYLAB
TANY
(*) NALEFA HANAKATRA 430 Km IZY TAMIN'NY 1973 KA NIANJERA NY 11 JOLAY 1979


NY ANY AMBONIN'NY ATMOSFERA ANY ANIE KA TSY TAFATOMBINA ARAKA NY FIHEVERANTSIKA AZY E. TOY NY ENTONA MIVANGONGO ILAY IZY KA ARAKARAKY NY HAMAFIN'NY FIASAN'NY MASOANDRO NY HAAVONY. REHEFA MISY VOLKANO MIPOAKA ENY AMIN'NY MASOANDRO DIA MANGOTRAKA AVY HATRANY IO ENTONA IO.
TASY ENY AMIN'NY MASOAN-DRO, MILAZA FA MIASA MAFY IZY
ARY IZANY FANGOTRAHANA IZANY DIA VOKATR'IREO POTIPOTIN-JAVATRA FENO ANGOVO AVOAKAN'IREO VOLKANO ENY AMIN'NY MASOANDRO IREO. ARY DIA MIHENA BE MIHITSY NY FANDEHAN'IREO ZANA-BOLANA REHEFA TRATRAN'IZAY IZY.


TSY MILA ANGOVO IREO ZANA-BOLANA REHEFA HODY ETY AN-TANY (RAHA TSY IZANY DIA HITOVY AMIN'NY NANDEFASANA AZY NY HAME-RENANA AZY INDRAY). FA NA IZANY AZA DIA TOKONY HANARAKA ZORO VOAMARIKA TSARA IZY FA TSY HOE ATAOTAO FOTSINY AKORY.
INDRO FA HAREHITRO ARY IREO FIOZE ANI


# VARAVARANKELY FODIANA





HO MAFY LOATRA NY FODIAN'ILAY SAMBON-DANITRA ARY HIHENA BE NY HAFAINGANANY KA METY HO SIMBA TANTERAKA IZY.
RAHA ALEFAKO 20 sm/s ILAY BAOLINA KELY DIA HANALAVITRA NY LAVAKA IZY KA HANARAKA LALANA MIHORONGORONA MIVOAKA
ALEFASO MAFY FA HO TONGA ETO AMIN'ITO LAVAKA IRAY ITO IZY. ITO DIA TSY MISY MILEMPONA MANODIDINA AZY, KELIKELY KOKOA ILAY LAVAKA ARY MALEFAKA KOKOA NY TOERANA MANODIDINA AZY.
METY VE?
TENA LAFATRA! TSY NIAMBOHO ADIDY TOKOA IANAO KA NAHATONGA NY FIOZE TETY AMIN'NY VOLANA





# HAFAINGANANA HIHOARANA NY TANY




IZAY INDRAY ILAY ATAON'NY VAZAHA HO "VITESSE DE LIBERATION DE L'ATTRACTION TERRESTRE" NA KOA "SECONDE VITESSE COSMIQUE" KA IO HAFAINGANANA IO DIA MANAKAIKY NY 11Km/s
IZAY HOE TOKONY HITOMBO AVO ROA HENY NY ANGOVO MIASA HANDEFASANA ILAY SAMBONDANITRA.
AFAKA NITSITSY ANGOVO MAROBE ABEFA NY OLONA NOHO NY FAHAFANTARANY NY FILAHATRY NY PLANETA MIHODIDINA NY MASOANDRO. IO FAHALALANA IO DIA AVY AMIN'ILAY MPITILY VOYAGER II
JOPITERA
1979
TANY 1977
SATIORNA
1981
ORANOSY
1986
FANTARO ARY FA REHEFA MANDALO AKAIKIN'NY PLANETA IRAY NY SAMBO IRAY DIA VOASINTONY KA TOY IRENY REMORKA IREENY ILAY SAMBO ARY MIHA-MANDEHA HAINGANA
IRENY PLANETA MAROMARO IRENY ARY NOHO IZANY NO MANAMPY ILAY SAMBO HIALA NY NY TONTOLON'NY MASOANDRO
I DADATOA ALBERT KOA MPANAO IZANY REHEFA ENY AN-DALANA. ATAONY MANARAKA FIARABE NY FIARA KELINY MBA HAMPANDEHA MAFY AZY.
MIDITRA AO AMIN'NY TOERANA VOASINTON' ILAY PLANETA NY SAMBO
MIHAFAINGANA NY DIANY
ARY NONY TAFÀLA TAO IZY DIA MANOHY NY LALANY

# ZANA-BOLANA TSY MIHETSIKA





(*) NY LALÀNAN'I KEPLER DIA MANAZAVA TSARA NY FIFAND-RAISANA MISY EO AMIN'NY FOTOANA HIODIDINANA NY TANY SY NY HALAVIRANY AMIN'NY TANY

# FIJERY MIDINA




(*) JEREO NY BOKIKO "BIG BANG" PEJY 50


TAORIAN'NY JEOFIZISIANA DIA MBOLA NAMPIASA ZANA-BOLANA KOA NY MPAHAY TOETR'ANDRO KA DIA AFAKA NITOMPO TENY FATRATRA TAMIN'NY VINAVINANY IZY IREO. IREO MIARAMILA KOSA TETSY ANDANINY DIA AFAKA NIFA-NARA-MASO, TAMIN'NY ZANABOLANA IHANY.
INDRAY ANDRO ANEFA DIA NISY MPITILY MASOANDRO NILAZA VAOVAO NAHATALANJONA NY ASTROFIZISIANA REHETRA. EFA ELA NO NAHA-LALANA FA MANANA SAHAN'ANDRIAMBY NY MASOANDRO. FA HAY KOA KAY MISY TENDRONY EFATRA IO SAHA IO : ROA MIANAVARATRA DIA ROA MIANATSIMO KA EO AMIN'NY FEHIBEN'NY MASOANDRO NO MISY AZY IREO (EQUATEUR)
MASOANDRO
Terre
TANY
MANDRITRY NY TELOPOLO ANDRO, RAHA MIODIDINA AMIN'NY TENANY INY NY MASOANDRO, DIA MIARA-MIHODINA AMINY IO HERY IO KA MANANA ENDRIKA MITOVY AMIN'IRENY FANONDRAHAN-JARIDAINA MIHODIN-KODINA IRENY IZY, MIHORONGORONA
TOY IZAO NY SARINY RAHA JERENA AVY EO AMIN'NY FISASAHANY






(*) NAMPIASAIN'I HITLER KOA IO LAKROA IO HANAOVAN-DRATSY


MISY NY MILAZA FA TANY ALOHA TANY DIA NIOVAOVA NY SAHAN'ANDRIAMBY TENY AMIN'NY MASOANDRO. TSY TOKONY HIOVA KOA VE IZANY NY ...MASOANDRO?
NDAO HATAO HOE TANY ALOHA TANY DIA TOY IZAO NY MANODIDINA NY MASOANDRO NANDRITRA NY EKLIPSA. TSY HO VOAVAHA IHANY ANEFA NY OLANA SATRIA IO FEHIN'NY MASOANDRO IO DIA HAZAVA BE LOATRA KA TSY NISY AFAKA NIJERY AZY. TOKONY HO NANANA FAKAN-TSARY IZANY IREO INDIANA IREO HAHAFAHANY MITAZONA NY SARIN'NY MASOANDRO. SA VE MBA ZAVATRA SENDRA NIFA-NANDRIFY FOTSINY NY MASOANDRO SY ILAY LAKROA?
HAFAHAFA IZANY TANTARA IZANY...
MBOLA NAMBORAKA ZAVATRA MARO TSY MAMPINO HAFA KOA IREO MPITILY NALEFA TENY AMIN'NY LAFIVALON'NY HABAKABAKA
ARAKA IZANY DIA IREO ONJA RADARA NAVOAKAN'NY SAONDY AMERIKANA TAFAVOAKA NY RAHON'I VENUS NO NAHAFANTARANA NY ENDRIKY NY TANIN'I VENUS
ENY AMBONIN'IRENY PLANETA TSY TENA FLOIDA IRENY, TOA AN'I JOPITERA SY SATIORNA, DIA NY MAGMA AVOAKANY NO MAMORONA NY KONTINANTA SY NY RANOMASINA.





AZA MITAPITAPY EO E. I MARSA AZA TSY MANANA RANOMASINA AKORY KOH! I VENUS INDRAY DIA TOY NY LAFAORO MAHATRATRA 500 DEGRE.
KONTINANTA (SOSONA MATEVINA)
(TSY MANARAKA MARI-DREFY FAMPIHENÀNA IO SARY IO)
TSIRAANOKA MAGMA
"RANOMASINA" (VAINGA-NA MAGMA MANIFY DIA MANIFY)
ETO AMBONIN'NY TANY NY RANO "MITSIRANOKA FA TSY MIVAINGANA) DIA MAMENO NY TOERANA IVA FOTSINY ARY NY KONTINANTA DIA MAGMA MIVAINGANA SY MITSINGEVANA EO AMBONIN'NY MAGMA MITSIRANOKA.
IZANY HOE MANANA KONTINANTA IZANY I MARSA SY VENUS ARY MERKIORA?
ETO AMIN'NY TANY DIA NOTRESAHIN'NY MAGMA-RANO NY MAGMA-VAINGA KA NAHATONGA NY KONTINANTA HIFINDRA TOERANA. MATETIKA KOA NO MITRESAKA IO VAINGA IO KA MISITRIKA ANY ANATY RANOMASINA ANY NY MAGMA-RANO ARY MAHATONGA IZANY FARITRA IZANY HO BE VOLKANO MATETI-PIREHITRA.
KONTINANTA
RANO
MAGMA MIVAINGANA
"DORSALE MEDIO-OC2ANIQUE
LALANA ARAHIN'NY MAGMA-RANO
KONTIN-ANTA
Crac!
Crac!
TADIDIO ARY FA EO ANELANELAN'I AFRIKA SY AMERIKA ATSIMO NO MISY IZAO ZAVA-MISEHO IZAO KA LASA MIFANALAVITRA SY MIFANDAO HATRANY IREO KONTINANTA ROA IREO


IZANY REHETRA IZANY DIA TSY NISY NIAINAN'IREO PLANETA HAFA ANKOATRA NY TANY ARAKA NY SARY AZONTSIKA AVY AMIN'NY RADARA
NY DIKAN'IZANY DIA HOE "MAON-TINA" KOKOA NY MAGMA ENY AMIN'I MARSA, VENUS ARY MERKI-ORA FA TSY TOY NY ANTSIKA
IZAHO MIHEVITRA FA ANY HO ANY MISY PLANETA IRAY MANANA RANO MITOVY AMIN'NY ETO AN-TANY. NY FISIAN'NY ORANA DIA HANEFY NY TANINY ARY SATRIA TSY MISY FIFANDONAN'NY KONTIN-ANTA ATERAKY NY MAGMA AO, DIA TSY HISY TENDROMBOHITRA KOA IZANY KA IO PLANETA IO DIA HO... FISAKA TOY NY TANANA.
INDIA
HIMALAIA
MONGOLIA
MAGMA MIHETSIK-ETSIKA
SARIN'IREO KONTINANTA ROA MIFANDONA SY MITERAKA TENROMBOHITRA
KONTINANTA
MAGMA TONY
RANOMASIM-BE
RAHA MISY OLONA MIAINA AMIN'IZANY TOERANA IZANY DIA HIHAVANA DAHOLO IZY IREO SATRIA TSY MISY SAKANTSAKANA
HO VITSY DIA VITSY NY KARAZAM-BIBY AO ARY RAHA MISY OLONA AO DIA HITOVY LOKO DAHOLO IZY REHETRA SADY HITOVY KOA NY FITENINY IZANY HOE IRAY IHANY.



RAHA NY TONTOLON'NY MASOANDRO NO JERENA DIA NAHAGAGA TOKOA INY RESAKA KONTINANTA MIOVA TOERANA INY SATRIA TETO AMIN'NY TANY IHANY NO NISY AN'IZANY METY HO GAGA AMINTSIKA IREO OLO-HAFA PLANETA TONGA HITSIDIKA
O R'I SEFO A, IREO MPONIN'NY TANY IREO ANIE KA TOA MANDOKO VATANA ARAKARAKA NY TOERANA MISY AZY E!
OAY, METY HITONDRA FAHALALANA MARO HO ANTSIKA IZANY ZAVATRA ENY AN'HABAKABAKA IZANY. MBA TE HANDRAY ANJARA AMIN'IZANY DIA ALAVITRA IZANY KOA AHO IZANY!
MISY MISSION HERMES IZAY HATAOKO ANY AN'HABAKABAKA AMIN'NY 15 HO AVY IZAO. AFAKA HOENTIKO IANAO RAHA TIANAO
OEEE! HO LASA OLON'NY HABAKABAKA AHO IZANY. LASA HABAKA-BAKIANA!
ANDRASO ALOHA! TSY MAINTSY MANAO FANAZARAN-TENA TSARA IANAO VAO MAHAZO MANDEHA


# NY FANAZARAN-TENAN'NY MPANAMORY




SOFIA A! FA NATAONAO INONA ILAY SEZA E? OHATRA NY ENY AMBONY SOAVALY HAZO IZANY AHO.
REHEFA MIKIMPY RE NY MASONAO DIA MAMPIASA NY "RAFITRA VESTIBULAIRE" NA "SOFINA ANATY" IANAO E, MBA HAHAFAHANAO MAMINAVINA NY TOERANA MISY ANAO.
FANTSONA SOMARY BORI-BORY
LIMACON
ERITRERETO HOE MISY KIBORIBORY IRAY MANANA FANTSONA TELO MIFAMPIJADONA SY FENO RANOKA. ANY ANATINY ANY DIA MISY TSIBOLO AFAKA MIFANDRAY AMIN'NY ANY IVELANYKA REHEFA MIHETSIKA ILAY KIBORIBORY DIA MANDEHA ILAY RANOKA KA MANETSIKA IREO TSIBOLO IREO; IZAY NO AHAFAHANY MAHALALA NY FITOMBOAN'NY JORO NALEHANY


REHEFA MIHAMAFY NY FIHODONANTSIKA DIA VOALOHANY ALOHA ISIKA MAMI-NAVINA NY HAFAINGANAM-PANDEHAN-TSIKA ARY AVY EO REHEFA MIHENA IO HAFAINGANANA IO DIA FITADIDIAVANA MANJAVOZAVVO SISA NO TAVELA MOMBA ILAY FIHODINANA TEO. FA TSY TENA MARINA TSARA IO REFY IO ;
IRENY FIHODINKODINANA TEO IRENY IZAO DIA AMPY HAMPIKORONTANA ILAY RANOKA MANDEHA AMIN'NY FANTSONA ATO AN-DOHAKO KA TSY HAIKO INTSONY IZAY AMBONY SY AMBANY
TIREZIASY A, MBA MITENENA E!
TOA TENA MIFORITRA BE AO ANATY LASI-BIKANY AO AZA IZY KOH!
AFAKA MIVOAKA IANAO FA EFA VITA ILAY IZY...
MA...MARINA VE?
ARY TOA NAHOHOKAREO ILAY FANAOVANA FANAZARAN-TENA?


ERITRERETO HOE INDRAY ANDRO ANY IANAO HO TAFIDITRA AO ANATY KAPISILIN'HABAKABAKA. HO SAROTRA NY HANDAMIN-TSAINA AMIN'IZANY AN!
ANSELME A, MANOME FIRY NY 47 X 38,
ANDRASO FA HANAO KAJY AHO
KAY! TOA SAROTRA BE IZY IZANY....
NDAO INDRAY HO ANY AMIN'NY CENTRIFUGUEUSE


SPACE CAMP
MIDABOHA
IZAY FA LASA....



TAFAKATRA 3g ISIKA IZAO
SOFIA A, INONA IZANY 3g KAY?
INTELON'NY TENA LANJANY IZAO NY LANJAN'I ANSELME. RAHA TSORINA DIA HOE 3g NY FITOMBOAN'NY HAFAINGANANA AZON'ITY SALADY ITY RAHA AHODIKO ATO ANATIN'NY TRANONY IZY.
AN ?!?
DIA AHOANA IZANY RAHA I TIREZIASY NO ATAO AO ANATY FANAMAINANA SALADY KA OMENA 3g?.
IO 3g IO KOA NO FITOMBOAN-KAFAINGANANA AVO INDRINDRA REHEFA MANATANTERAKA IRAKA AN'HABAKABAKA.
HERINANDRO MAROMARO ARY NO LANIN'I ANSELME HIANARANY SY HAMERIMBERENANY NY ZAVATRA HATAONY ANY AMBONY ANY SY NY FOMBA FANAOVANA AZY ARY NY TOROMARIKA REHETRA NATAO HIARAOVANA IREO MPANDEHA
.... AVY EO DIA ARAHIMASO NY MARI-PANA














* AZOTA VOATSINDRY MAFY

MBA HAMENOANY NY FANAZARAN-TENANY DIA NANDANY ORA MAROMARO TAO ANATY DOBO IZY HAHATSAPANY SAHADY IZANY HOE MIHEN-DANJA IZANY KA NAVERIMBERINY TAO IZAY FIHETSIKA HATAONY REHEFA MANATANTERAKA IRAKA ANY AMBONY ANY.








# SAMBON-DANITRA





INDRO ILAY SAMBON-DANITRA MIPETAKA AMIN'NY FIOZE ARIANE 5. MAHATRATRA 50 METATRA EO HO EO NY FITAMBARANY. MISY MPANELY VANJA (BOOSTER A POUDRE) ANANKIROA NATAO HANIPY AZY KA SAMY MAHATRATRA 600 TAONINA AVY NY HERY FANIPAZANY. MISY FIOZE RANO MPANIPY KOA MIARAKA AMINY AO ARY INTY FARANY MOA DIA MANANA VAVA-DIDY AFAKA AVILI-VILY KA AHAFAHANA MANAMORY NY AMBINY REHETRA. MAHATRATRA 110 TAONINA NY TOSIKA ATERANY KA RAHA ATAMBATRA AMIN'ILAY TEO ALOHA IZANY DIA 1310 TAONINA NY FIKAMBANANY. FARANY DIA MILANJA 750 TAONINA IZY REHETRA MIARAKA IZAY.

(*) AMIN'NY TENY ANGLISY NY BOOSTER DIA MIDIKA HOE MPANOSIKA



VELOMA RY TANY MALALA!
KOUROU, 5 ORA SY 7 MINITRA
ANSELME A, TSISY OLANA AN?
IE! ALEOKO IZAO TOY IZAY ILAY SEZA MIHODINA INY.
TSY HIHOATRA NY 3g NY ACCELER-ATION-ANTSIKA REHEFA HIAINGA INY.
ariane
IZANY HOE 50 SEGONDRA DIA HANDEHA HAINGANA NOHO NY FEO ISIKA.








ARA-DALANA IZANY. AFAKA FOTOANA FOHY DIA HAVOTSOTRA KOA ILAY FANIPAZANA NA LANCEUR ARY ILAY PROPULSEUR KOSA DIA HANANIKA 7,8Km/s KA HIFANDANJA AMIN'NY HERIN'NY TANY AMIN'IZAY NY SAMBONTSIKA



TAFAKATRA 250 Km ISIKA IZAO KA AFAKA MANAKAIKY ILAY LABORATOARA MITSINGEVANA AN'HABAKABAKA
AFAKA MIVOAKA HANATANTERAKA IRAKA AMIN'IZAY ISIKA IZAO.
OADRAY! OHATRA NY HOE ATO ANATY LOHAKO DAHOLO NY RÀKO
NOHO IANAO MIHEN-DANJA SY MANAVAO TOERANA FOTSINY IZANY FA REHEFA ZATRA IANAO DIA TSY HANINONA INTSONY.
ANDRASO ALOHA FA MBOLA BE NY ZAVATRA HATAO ALOHAN'NY HIVOAHANTSIKA ANY IVELANY ANY.
AFAKA MISIKINA AMIN'IZAY IANAO
NONY AFAKA ADINY EFATRA
RINGOTRA METY MIHALAVA
SAMBO
FITATERANA AN-TSANDRY
VARAVARAMPIVOAHANA
TAKELA MANDRAY NY HAZAVAN'NY MASOANDRO


AMPIFANDRAISINA NY FANTSONA 24 SY NY TOBIN-DRANO FREON
REHEFA NIALA SASATRA KELY I ANSELME DIA NOJEREN'I SOFIA ILAY MILINA MPI-TADIDY NY ZAVATRA VITA REHETRA TEO ANIVON'NY SAMBO
ARY TOA MIASA FOANA HO'AHO REHEFA ATY AMBONY HABAKABAKA ATY E!
INONA INDRAY IZAO NO ATAO?
NDAO HATORY
USAGE DU WC tome 1
ZZZZ



MIFOHAZA SY MITSANGANA AMIN'IZAY O! TOKONY HOJERENA IZAO HOE HATRAIZA NY FANDOTOANA HABAKABAKA VITAN'NY OLOMBELONA. MILA MAMAKIVAKY 1000 METATRA ANEFA VAO HITA IZANY.
MITSANGÀNA? AHOANA KOA NO HITSANGANAKO NEFA ATY TSY MISY AMBONY SY AMBANY?
ATO AMBADIKY NY STATION AHO IZAO ARY NDEHA HAKA ILAY MOTO KELIN'HABAKABAKA.





(*) METEORITA KELY SY FAKOFAKON-JAVATRA MIRENIRENY



SOFIA A, HAFORITRO AMIN'NY ALALAN'NY FANTSONA FITONDRANA AZY.
OAY! FA MISY INONA?
LASA MIHODINKODINA OHATRA NY TANDRIMO AHO IZAO. TOKONY HAJA-NOKO IZANY ZAVATRA IZANY.
OAY LEITY E! MBOLA NISY ZAVATRA TSY NETY INDRAY ANGAHA?
FA MISY INONA RY ANSELME A? TSY HITA INTSONY NY SARY.
AMBOARY ILAY KAMERÀ EO AMIN'NY SEZANAO.
NISY ZAVATRA TSY NETY KELY ANGAMBA TAO HO AO FA VOATANAN'ITY VOALY BE ITY AHO IZAO KA TSY AFA-MANOATRA


AVERIKO INDRAY FA MIHODINKODINA TOY NY TANDRIMO NY SEZAKO SADY TSY AFA-MIALA ATO AHO FA MIRAIKITRA TOY NY DINTA ITY VOALY ITY
METY RESAKA ELEKTROSTATIKA NO MAHATONGA IZANY.
FA INONA NO MAMPIHODINKODINA AZY E?
NOHO IZY NIKASIKA TAMIN'NY VOALIBE DIA NAHAZO HERY MAMPIHODINA AZY KOA IZY. TAHAKA NY MPANDIHY IRAY MAMPIHODINKODINA NY TANANY.
MITONIA TSARA ALOHA RY ANSELME A. AZA MIANTSAMBOTSAMBOTRA OHATRA NY SOAVALY EO FA MANDANY OKSIZENA FOTSINY IANAO.
IZAY FA TAFAVOAKA AHO. FA SAINGY RAKOTRA ZAVONA INDRAY NY ARO-LOHAKO KA TSY AFAKA MAHITA NA INONA NA INONA AHO.


IZAY FA VITAKO NY NANAJANONA ILAY FIHO-DINANA. SAROTRA IHANY NY NANAO IZANY INDRI-NDRA FA IZAO TAKONA IZAO NY MASOKO
MIHA-LANY HATRANY NY RIVOTRA NENTINY. RAHA IZAO NO MITOHY DIA TSY HO TAFAVERINA ETO AMIN'NY SAMBO AKORY IZY.
IANAO ILAY NIKOFOKOFOKA TEO NO NANIMBA NY FITEHI-RIZAN-DRIVOTRA KA NITER-AKA AN'IO ZAVONA BE AO ANATIN'NY ARO-LOHANAO IO. AZA TAITRA FA HO AFAKA IO REHEFA AVY EO.
SOFIA A, SINTONY HIVERINA AHO FA TSY MAHITA NA INONA NA INONA!
IZAHO NO SOLON'NY MASONAO E. IZAHO MANTSY MAHITA AMIN'NY ALALAN'NY KAMERÀ EO AMIN'IO SEZA IO
TSY HITAKO ANIE ILAY SAMBO E.
TOHIZO HO'AHO NY DIANAO FA IZAO MAHITA AZY.
KELY SISA DIA HANAKAIKY AZY IANAO. AMBOARY KELY FOTSINY NY FANDEHA.
MIHA-MIVERINA NY FAHITÀKO FA NIALA ILAY ZAVONA. IO IZAO ILAY TOERANA HALEHA!


SOFIA A, TSY MISY INTSONY ILAY TSINDRIN'NY AZOTA ATO
MANDALO ILAY STATION AHO FA TSY HO AFAKA HIJANONA EO
TSY MANINONA IZANY FA HOTSENAIKO AMIN'NY SAMBO IANAO.
SOFIA A, LATSAKY NY 10 Kg KOA NY TSINDRIN' OKSIZENAKO!
DIMY MINITRA SISA DIA HO FATY IZY! NEFA IZAHO TSY MAINTSY MIVOAKA ATO ARY MANDEHA MAKA AZY..... TSIA! TSY VITA IZANY.
HANDRAMAKO SAMBORINA AMIN'NY TANAN'ASA ALOHA IZY NEFA TSY MAINTSY HAHODINA 180° KOA ILAY STATION.
IREO TAKELA-MASOANDRO ANEFA MIVELA TRA KA TSY HO VONONA ALOHAN'NY FOTOANA MIHITSY AHO.
HITANAO VE IZY?
IE! NIALA TAMIN'ILAY SEZA IZAY IZAO.
OADRAY!!! FA INONA INDRAY ARY ITY ATAONY?
ILAY TADY KELY...
60


ISA, ROA, ...
TELO!
FANTATR'I ANSELME TSARA FA RAHA HATOSINY AMIN'NY TONGOTRA ILAY SEZA DIA HIPITIKA KOA IZY KA ILAY SEZA HO ANY AMIN'NY VODIN'NY SAMBONDANITRA ARY IZY HO VOATSIPY ANY AMIN'NY LOHANY
INONA IZAY FEO IZANY? TOA HOE MISY TADY MIKASOKA AMIN'NY SISIN'NY SAMBO!
MAHENO AHY VE I SOFIA? TAFAVERINA AHO ARY TAFAVERINA KOA NY SEZA
ALELOIA! FA... AHOANA NO NATAONAO?
ANDRASO HAZAVAIKO AVY EO.


DIA TAFIDITRA TAO ANATINY I LANTURLU
FFIOO!
AVELAKO ETO ITY TADY ITY
ANSELME! NATA-HOTRA BE AHO TEO....
ALLO! NY NAMANAREO ETY AN-TANY IHANY TY. HAMPIDININA AMIN'IZAY IANAREO IZAO.
ZARAO ROA NY STATION
DIA ARIO NY IRAY
MANDEHANA MORAMORA
RAHA ANGALANA 100m/s FOTSINY NY FANDEHAN'NY SAMBO DIA AMPY IZAY HAMPILATSAKA AZY.
DIA ARIO INDRAY NY MOTERA ARY OVAY NY FITODIKA


MIDITRA NY ATMOSFERA IZY REHEFA MAHATRATRA 80Km NY HAAMBONY ARY 2770 Km/ORA NY HAFAINGANY. EO NO TENA MIASA NY RESAKA HAFANANA.
ARY REHEFA 30 Km NY HAAMBONY DIA MILATSAKA IZY KA MAHATRATRA NY MACH 3 NY HAFAINGANY.
ATSASA-KADINY TAORIAN'IZAY
ALLO! NY TANY NO MIANTSO ANAREO IZAO. AHITSIO DEGRE ROA NY LALANAREO DIA HO AFAKA MANDEHA AMIN'NY GIJO (PISTE) IANAREO
TONGA ETO AN-TANY AMIN'NY 350Km/s IZY IREO
MAX! FALY MAHITA ANAO!
TAPITRA



A long terme, mon but est d'appliquer la science dans des domaines plus vastes ; et ceci, en y mettant un aspect ludique. Mais je ne peux y arriver tout seul et si je veux que quelqu'un me comprenne et m'aide, je dois apprendre à écrire pour transmettre un amas d'informations qui peuvent toujours servir. Voilà comment est né mon intérêt pour la science et l'écriture.

Je suis né le 29 Juillet 1987 dans la capitale de Madagascar. De la sixième à la terminale, j'ai étudié au Collège Saint Michel Amparibe, une référence dans toute l'île. Avec mon Baccalauréat série C (Scientifique), j'ai envisagé d'entrer à l'École Supérieure Polytechnique d'Antananarivo (ESPA) ou encore à l'École Nationale d'Informatique (ENI) de Fianarantsoa mais finalement, j'ai fini par opter pour des études en Économie à la Faculté DEGS d'Antananarivo (l'hérédité, ça nous échappe !). Pour complément, je parle le malgache, le français, l'anglais et l'esperanto.

Avant de devenir traducteur, j'ai été rédacteur et correcteur en chef sur le site http://www.occultisme.tk. J'ai aussi eu une brève expérience en tant que relecteur-correcteur au sein de PMS Madagascar.

Actuellement, je travaille sur un projet de modification des ondes cérébrales, projet dont les applications dépassent largement le cadre scientifique habituel. Et en parallèle, j'écris un roman initiatique que je compte publier gratuitement sur Internet, en utilisant un pseudonyme.

tantelizrael@hotmail.fr

Manantena aho fa indray andro any dia hitatra lavidavitra kokoa ny fampiasàna ny siansa. Tsy afa-misaraka anefa ny fahalalana siantifika sy ny literatiora ka izay no nahatonga ahy hiditra amin'ny sehatry ny soratra na dia siantifika aza aho.

Izaho dia teraka tamin'ny 29 Jolay 1987 teto Antananarivo ary nianatra tao amin'ny Kolejy Masina Misely Amparibe nanomboka 6ème hatramin'ny kilasy famaranana. Afaka Bac C aho ka rehefa nandinika sy nametraka ny safidiko dia nanohy fianarana momba ny Toe-karena tao Ambohitsaina. Ankoatr'izay dia miteny frantsay, anglisy ary esperanto koa aho.

Talohan'ny nandikàko ity boky ity ho amin'ny tenin-drazako dia efa nanoratra lohahevitra samihafa aho tao amin'ny tranon-kala http://www.occultisme.tk ary mbola nangatahin'ny tompon'andraikitra koa ny hahatonga ahy ho filohan'ny mpitsara tsipelina frantsay tao. Izay mpitsara tsipelina izay koa dia asa efa nataoko tao amin'ny PMS Madagascar.

Amin'izao fotoana izao, ankoatra ny fianarana sy ny asa ataoko etsy sy eroa, dia misy boky soratako (amin'ny teny frantsay fa fantantsika ihany ny hasarotan'ny teny Malagasy!) Mikasa ny hamoaka maimaimpoana an'io boky io amin'ny Internet aho rehefa vita ilay izy. Ankoatr'izay dia eo an-dalam-panatanterahana "volavolan-tsaina" iray aho hampiasàna ny informatika sy ny mozika hanasitranana aretin-doha, hanampiana ireo tsy mahita tory, hanampiana ny mpianatra hifantoka sy hitadidy ny zavatra ianarany, sns.

034 01 210 11